# Ry zanak’i Adama, raha mbola mangataka amiko sy manantena Ahy ianao, dia hamela anao Aho ary tsy raharahako

Tatitra azo avy amin'i Anas bin Malik (R.A) niteny : Nandre ny irak’Allah (S.A.W) aho nilaza manao hoe niteny Allah Ilay avo indrindra : Ry zanak’i Adama, raha mbola mangataka amiko sy manantena Ahy ianao, dia hamela anao Aho ary tsy raharahako, ry zanak’i Adama, raha tonga eny amin’ny rahon’ny lanitra ny fahotanao, ary avy eo nangataka famelan-keloka tamiko ianao, dia havelako ny helokao, ary tsy raharahako, ry zanak’i Adama, raha manatona Ahy miaraka amin’ny fahotana eran’ny tany ianao, ary avy eo nifanena tamiko ka tsy nampiombona Ahy tamin'ny zavatra hafa, dia hitondra famelan-keloka mitovy velarana ami'izany ho anareo Aho”.

[Tsara] [Notantarain'i Al-Tirmizì]

Nanambara ny Mpaminany (S.A.W) ao amin’ny Hadith kodsi hoe : Ry zanak’i Adama, raha mbola miantso Ahy sy manantena ny famindram-poko ianao, ary tsy kivy; Nosaronako ny fahotanao ka nofafako ary tsy noraharahaiko izany; Na dia fahotana lehibe aza izany. Ry zanak’i Adama : Raha betsaka loatra ny fahotanao ka mameno ny elanelana misy eo amin’ny lanitra sy ny tany ka mahatratra ny savaivony sy manarona ny lanivoany, ka mangataka famelan-keloka amiko ianao; Nofafako sy navelako daholo ireo, na firy na firy. Ry zanak’i Adama : raha nanatona Ahy ianao taorian’ny fahafatesana tamin’ny famenoanao ny tany amin’ny fahotana sy ny tsy fankatoavana, ary maty tamin’ny fanokanana Ahy ianao (tawhid), ka tsy nanambatra na inona na inona tamiko; dia nosoloiko famelan-keloka ireo fahotana mameno ny tany ireo; Satria feno famelan-keloka aho, ary mamela ny ota rehetra afa-tsy ny fanompoan-tsampy.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee